



# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 5 – 11 FEBROARY 2016

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

### POLITIKA ANATINY

#### ANTENIMIERAN-DOHOLONA: FIFIDIANANA MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO MAHARITRA

Matoan-dahatsoratra nanamarika iny herinandro lasa iny ny fivoriana voalohan'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimieran-doholona. Nifantoka tamin'ny fifidianana ireo izay ho mpikambana eo anivon'ny birao maharitra sy ny fandanianana ny fitsipika anatiny ity fihaonana voalohany ity. Fantatra ary fa ny Loholona Honoré Rakotomanana no voafidy ho Filohan'izany andrim-panjakana izany. 60 no isan'ireo nifidy azy. Nandritra ny lahateny nataony no nanipihany fa ankoatra ny fandinihana sy fandanianana lalàna dia manana andraikitra amin'ny fanomezana soso-kevitra ny governemanta eo amin'ny lafiny toe-karena sy sosialy ihany koa ny loholona.

*Ny fahamarinan-toeran'ny fitondrana misy ankehitriny : io no tena nifantohan'ny **MaTV**. Nosinganiny manokana ny nifidianan'ny loholon'ny antoko eo amin'ny fitondrana an'i Honoré Rakotomanana izay olona tsy avy ao amin'izany antoko izany. Araka ny filazan'ny filoha nasionalin'ny antoko Hery Vaovao ho an'i Madagasikara (HVM), ny minisi-panjakana Rivo Rakotovao dia porofo izao fa misokatra amin'ny ankolafin-kery hafa ny Filohampirenena. Nasian'ny **MaTV** resaka manokana ihany koa ny tsy fisian'ny fifandanjana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy eo anivon'ny Antenimeran-doholona. Roa ambin'ny folo amin'ireo telo ambin'ny enipolo tokoa mantsy no vehivavy loholona. Nilaza ho tsy afa-po amin'ity tarehimarika ity ny Filan-kevimpirenen'ny Vehivavy (Conseil National des Femmes). Tsy nanafina ny ahiahiny amin'ity Filoha vaovao ity kosa ny **FreeFM**. Nomarihiny tamin'izany fa toy ny efa kabary voaomana mialoha no novakian'andriamatoa Honoré Rakotomanana. Raha izao fandehan-javatra izao hoy ity fampielezam-peo ity dia ho mpanatanteraka sy mpanaiky izay voalazan'ny Filohampirenena fotsiny ireo loholona. Nanasa ny loholona voafidy tany Mahajanga, andriamatoa Lylison ihany koa ny **FreeFM** nandritra ny fandaharana "Anao ny Fitenenana" ka tamin'izany no nanambaran'ity farany fa tsy hisalasalana ny hanakiana ny zavatra tsy mety izy na dia vitsy an'isa aza.*

*Ny **Radio SITENY** ihany koa dia nampita ny fahalianan'i Honoré Rakotomanana na dia tsy nivalampatra tamin'izany aza.*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAHATSIAROVANA NY 7 FEBROARY 2009

Fito taona katroka zay no nitrangan'ily hetsi-bahoaka nahafatesana olona maro manoloana ny Lapan'Ambohitsorohitra sy ny manodidina azy. Isan-taona dia misy hatrany ny fanaterana vonikazo sy ny hetsika ho fahatsiarovana ireo izay namoy ny ainy manolona ny tsangam-bato efa natokana hahatsiarovana azy ireo eo Antaninarenina. Maro arak'izany ireo mpikatroka politika tazana teny antoerana tamin'ny 7 febroary farany teo, toa an'andriamatoa Monja Roindefo sy mpikambana vitsivitsy ao amin'ny antoko Monima. Teny ihany koa ny avy ao amin'ny vondrona Miaraka Amin'ny Prezida Andry Rajoelina (Mapar) notarihin'ny solombavambahoaka Christine Razanamahasoa. Tsy diso anjara tamin'izany koa ny avy ao amin'ny HVM notarihin'ny filoha nasionaliny andriamatoa Rivo Rakotovao. Ny nahabe resaka tamin'ity fotoam-pahatsiarovana ity dia fandaminana napetraky ny mpitandro filaminana ny amin'ny tokony hijanonana ela nanoloana ilay tsangam-bato sy teny Antaninarenina mihitsy.

*Ity fahatsiarovana ny 7 febroary ity no nibahan-toerana tao amin'ny fandaharana Demokrasia Mivantana tao amin'ny **RADIO PLUS**. Ny Filohan'ny Fitondrana Tetezamita teo aloha no tena voatondro matetika ho tompon'antoka tamin'ity raharaha ity satria izy no voalaza fa nitarika ny vahoaka hidina an-dalam-be sy handeha niakatra teny Ambohotsorohitra, izay efa fantatra fa faritra mena. Raha ny zava-misy sy iainana ankehitriny hoy ny mpihaino iray dia very maina ireo ra latsaka tamin'io 7 febroary io. Anisan'ireo voatonona ihany koa ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy satria dia nilaza izy fa mbola tsy voatendry ho praiminisitra akory Monja Roindefo tamin'iny andro nandehanan'ny mpitokona teny Ambohitsorohitra iny. Nifantoka betsaka tamin'ny fanakianana ny fandaminana ny fivezivezena sy ny fandriampahalemana tamin'io andro io kosa i Lalatiana Rakotondrazafy tao amin'ny **Free FM**. Nolazainy fa porofon'ny faharefoan'ny fitondrana ireny ka na ny olona hanatitra voninkazo avy no tsy nahazo mijanona mihoatra ny folo minitra nanoloana ilay tsangambato. Fampisehoan-kery fotsiny no anton-dian'ny solotenan'ny fitondram-panjakana teny aminy fa tsy fitiavana sy fiombonana amin'ireo namoy ny ainy, hoy ihany izy.*

## TOE-KARENA SY SOSIALY

### FIANARANTSOA: MBOLA TSY NAHARAY NY KARAMANY NANDRITRA NY ROAPOLO VOLANA IREO SEFO FOKONTANY

Mimenomenona ireo Sefo fokontany ao an-drenivohitry Betsileo ao noho ny tsy faharaisan'izy ireo ny karamany roapolo volana. Nampahafantatra tao amin'ny **RADIO TSIRY** ary ny Lehiben'ny Faritra Matsiatra Ambony, andriamatoa Tiana Herizo Randrianasolo fa efa ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana ny ampahany am'izany vola izany ary ny Faritra no hiandraikitra ny fakana azy. Nomarihany tsara fa ny fahataran'ny fandaminana teo anivon'ny Faritra no nahatonga ny fahatarana fa tsy fanodikodinam-bola tsy akory. Nanambara kosa anefa andriamatoa Rajaona Andriambololonirina tompon'andraikitra ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana fa tsy ho ekena io fomba fandoavana karaman'ny sefo fokontany kasain'ny Faritra hatao io, hany ka nanoso-kevitra ny hanome taratasim-bola ho an'ny sefo fokontany tsirairay ry zareo.

### KERE ANY ATSIMON'NY NOSY

Leader du Consortium

Membres du Consortium





Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



Dia mbola mitana ny sain'ny mpanara-baovao maro ihany koa ny mahakasika ny kere any amin'ny faritra atsimon'ny nosy iny. Nanambara tao amin'ny **RADIO SITENY** sy **TV SOATALILY** ary ny Biraon'ny Nasionaly Misahana ny Fahalavorariana ara-tsakafo (ONN) fa tokony mbola hohamafisina ny fanampiana ireo miaina ao anaty hanoanana any atsimo. Voakasik'izany ny 30% n'ireo mponina any. Ny Lehiben'ny Faritra Atsimo Andrefana kosa dia nantana ny tsirairay mba handray anjara amin'ny vonjy rano vaky izay notanterahina tao Ankilisoafilira Bazar-be ny zoma sy sabotsy lasa teo. Ny ben'ny tanàn'Ambalavato ihany koa dia nitaraina ny amin'ny mbola tsy fahatongavan'ny famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana foibe kanefa dia efa miainana tanteraka ao anaty mosary ny vahoaka ao amin'ny fari-piadiany noho ny tsy fisian'ny rotsak'orana efa ho telo volana izao. (**RADIO SITENY**)

### FIAKARAN'NY RANO ANY AVARATRY NY NOSY

Tsy mitsataha-mitombo ireo fahavoazana mahazo ireo mponina any Mahajanga sy Antsiranana. Raha araka ny tatitry ny **TV VARATRAZA** dia difotry ny rano tanteraka ny fokontany Cité Ouvrière ka manao antso avo amin'ireo tompon'andraikitra ny mponina. Tapaka tanteraka moa ny lalana mihazo ny seranan-tsambo noho ny fihotsahan'ny rindrina iray ka mpitondra moto iray no voatsindry tao ambanin'ny vato ka naratra tamin'izany.

Raha ny tatitry ny **TVM Mahajanga** kosa dia nidina ifotony tany Mahajanga II ny Lehiben'ny distrika sy ny ben'ny tanànan'ny Mahajamba nijery ny fahavoazan'ny mponina any. Nanolotra vary sy kojakoja ilaina amin'ny fiainan andavanandro ho an'ireo niharam-boina ry zareo tamin'izany diany izany.

### FOMBA FAMPITAM-BAOVAO

Ny **TV Plus** irery no nanisy teboka manokana mikasika ny fifanolanana misy eo amin'ny filohan'ny Hafari Malagasy, andriamatoa Jean Nirina Rafanomezantsoa sy ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny faritra fahadimy sady filohan'ny kaomisionin'ny fananan-tany eo anivon'ny Antenimieram-pirenena, Naivo Raholdina mahakasika tany eny Ankadimbahoaka eny. Tamin'izany no nanambaran'ny filohan'ny Hafari Malagasy fa nandrahona azy ilay solombavambahoaka tsy mifanaraka aminy sady nanendrikendrika azy ho nandray vola taminà karana ka nahazoan'ity farany ilay tany mampifanolana eny Ankadimbahoaka. Notsipihiny hatrany moa fa miasa ho an'ny vahoaka ny fikambanany fa tsy manangon-karena amin'izany. Nilaza koa Andriamatoa Jean Nirina Rafanomezantsoa fa tsy hametraka fiitoriana ary tsy hiaro tena ihany koa manoloana ny fiitoriana ny Hafari Malagasy napetraky ny solombavambahoaka Naivo Raholdina.

### Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: [tiaray.randriamalala@eces.eu](mailto:tiaray.randriamalala@eces.eu)  
 Mirana RAZAFINDRAZAKA: [mirana.razafindrazaka@eces.eu](mailto:mirana.razafindrazaka@eces.eu)  
 Honorine Ramisarivelo : [misa.ramisarivelo@eces.eu](mailto:misa.ramisarivelo@eces.eu)  
 Site web: [www.incipals.eu](http://www.incipals.eu)

Leader du Consortium

Membres du Consortium

